## Ny Valosoa sy hadihady

# Sangodim-panina tsy voafehy eo amin'ny sehatra rehetra no iainan'ny Malagasy

Kihon-dàlana iray tena manahirana ny Malagasy tokoa no andalovany amin'izao fotoana izao. Efa tsy takatry ny saina eritreretina intsony ny zava-manahirana iasan'ny saina, satria efa iainana isan'andro vaky izao ny fahantrana sy ny fidangan'ny vidim-piainana. Efa mampihorin-koditra sady tsy maintsy hitandremana sy hanaovana fiarovan-tena fatratra mba tsy ho tratry ny valanaretina covid-19 ny tsirairay. Ny fiainana ara-politika ho an'ny sarababembahoaka dia efa tsy eritreretina intsony, diso fanantenana tanteraka ny ankamaroany satria izay nanomezan'ny filohan'ny Repoblika toky nandritra ny fampielezan-kevitra dia tsy nisy nisitrahana na kely aza. Mitokana mitaky ny zony tsy nefain'ny mpitondra ny mpandraharaha sy ny mpianatra eny amin'ny Anjerimanontolo, torak'izany koa ny mpitsabo sy mpitsabo mpanampy nanao vy very ny ainy tamin'ny fitsaboana ireo mpiray Tanindrazana tratry ny valanaretina covid-19. Raha ny eto an-drenivohitra manokana dia mitaky ny fialan'ny ben'ny tanàna ny mpivarotra amoron-dàlana izay esorina amin'ny toerana nivarotany. Ny ady tany etsy sy eroa dia tena mampiasa saina ireo tratry ny tsindry hazo lena sy fanaparam-pahefana. Ny tsy fahatokisana ny fitsarana dia efa tsy resahina intsony satria ny tsy manam-bola sy tsy manana olom-pantatra any amin'ny fitondrana dia tsy maintsy iharan'ny sazy, ka miditra am-ponja na dia heloka tsy natao aza. Ireo tsy mitovy hevitra na tsy manohana ny fitondrana dia tratry ny fampitahorana na filam-baniny na samborina mihitsy. Sangodim-panina tsy voafehy eo amin'ny sehatra rehetra no iainan'ny Malagasy ary tsy hita intsony izay hasiana ny tongotra, mivezivezy ny fanahy ka tsy mbola misy tara-pahazavana tazana aloha eny amin'ny vodilanitra. Mbola lavitra ny roa taona sy tapany, ka tsy fantatra rahoviana no hamaranana izao toe-javatra izao. Tsy toy izany kosa no fahitan'ny mpitondra sy ny mpomba sasany azy fa mandroso ny Firenena, manga ny lanitra, fa be ny mpamendrofendro sy manakantsakana ny ezaka. Tsy takona hafenina anefa fa misy ao an-dapa sy mpiaradia hatramin'izay, no manakiana sy mampiseho ny tsy fandehanan'ny fiainam-pirenena amin'ny làlana tokony hizorany ary dia manakiana mafy ireo minia mikimpy manoloana ny hantsana mangotanatana ivarinan'ny mpiray Tanindrazana. Ao anatin'izany safotofoto izany no miasa mafy, mihoatra ny tamin'ny tetezamita, ny sampam-pitsikolovana ka voalaza fa rakatra ny antokon'olona nikasa nifofo ny ain'ny sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena aloha dia ny ain'ny filohan'ny Repoblika indray izao. Ka misy tandapa sy olona ambony, zandary sy jeneraly ary ilay mpanakanto anisan'ny niara-dia tamin'ny filohan'ny Repoblika ihany koa voasaringotra amin'izany raharaha izany. Sarimihetsika tena izy mampangitakitaka izay tsy izy no hanaovana horonan-tsary kanefa sarom-pantarina iza no handresy ary iza no ho tavela rehefa hifarana ny tantara. Ny tena mahalasa saina dia taorian'ny famoahan'ny mpanohitra ny fehin-kevitry ny fikaonandoham-pirenena nokarakarainy vao nipoitra izao fifanoherana sy fifampiampangana ary fifanenjehana izao eo anivon'ny "maro an'isa" mitantana ny Firenena. Arak' izany dia tsy hahomby velively ny hevitra hanaitra ny "fihetsehampon'ny Malagasy" manoloana ny fanaparitahana ny fifofoana ny ain'ny filohan'ny Repoblika, satria ao anivon'ny fitondrana ao ihany izany no sady misy mpamosavy malemy sy mpanipy hoditr'akondro ary mpamingana. Tsy azo lavina tokoa, fa ny zavanisy niainan'ny Malagasy nandritra ny enimpolo taona dia tsy nahitàna ny tranga nifandimby nandritra ny roa taona sy tapany, nampitodika ny mason'izao tontolo izao aty amin'ity Firenena manan-karena fa mahantra vahoaka ity.

**Andry Tsiavalona**

VAKSINY HIADIANA AMIN'NY COVID-19

# Indray mitsindrona ihany ny vaksiny Johnson-Johnson vao tonga



*Ireo vaksiny avy amin'ny Amerikana tonga teny Ivato.*

Tonga ny talata teo ny vaksiny fanampiana avy amin'ny Amerikana ho fiarovana ny valanaretina coronavirus eto Madagasikara. Ny mampiavaka ity vaksiny vao tonga ity, indray mitsindrona ihany tsy hisy famerenana ireo hanao izany vaksiny izany, fa tsy indroa miantoana intsony toy ny covishield. Nanome 302750 fatrana vaksiny ho an'i Madagasikara i Etazonia tamin'izany, ao anatin'ny ezaka manerantany iadiana amin'ny valanaretina Covid-19, izay ataon' ny fitondrana Amerikana. Ireo vakisiny ireo dia tafiditra ao anatin'ny fampanantenan'i Etazonia hanome vaksiny miisa 25 tapitrisa ho an'i Afrika amin' ireo vaksiny miisa 80 tapitrisa nomena an'izao tontolo izao. Nandritra ity ady amin'ny valanaretina ity dia mitentina 2500000 dolara amerikana ny famatsiam-bola, noho ny hamehana, nomen'i Etazonia hanohanana antsika Malagasy. Ho an'ny vaksiny covishield andiany faharoa kosa, ny fiandohan'ny volana aogositra ho avy izao no voalaza fa ho tonga eto amintsika ny fatra andiany faharoa ho antsika eto Madgasikara. Hanomboka ny volana aogositra io arak'izany ny famerenana vaksiny ho an'ireo efa vita tsindrona tamin'ny andiany voalohany. Anisan'ny nanentana ho amin'izany fanaovana vaksiny izany ny filohan' ny mpanohitra eto amintsika, ny filoha Marc Ravalomanana.

**Isambilo**

Sendikan'ny Paramedy

# Hanao kongresy nasionaly any Morondava

Hanao kongresy nasionaly any Morondava faritra Menabe ato ho ato ny sendikan'ny Paramedy eto Madagasikara, izay ivondronan'ny mpitsabo mpanampy sy mpampivelona manerana an'i Madagasikara. Izany kongresy nasionaly izany dia efa fanaon'izy ireo araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra, fa tsy noho ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana akory no hanaovan'izy ireo izany. Ho fanomana izany araka ny nambaran'ny filohan'ny sendikan'ny Paramedy Ralibera, hisy ny filankevi-pirenena hataon'izy ireo eto an-drenivohitra ny 5 sy ny 6 aogositra ho avy izao, handraisan'ireo mpitarika reziônaly sy ireo mpitarika any amin'ny distrika anjara, ka ireo tsy afaka hiakatra dia afka hiatrika izany amin'ny visioconférence. Ny kongresy nasionalin'ny Sendikan'ny Paramedy kosa dia hatao ny 23 hatramin'ny 27 aogositra any amin'ny renivohitry ny faritra Menabe. Anisan'ny ho resahana amin'izany ireo zavatra manahirana ireo Paramedy eto amintsika, ny taona lasa teo ohatra, niasa maina izy ireo tamin'ny ady tamin'ny valanaretina coronavirus, satria mbola tsy voaray hatramin'izao ny tambin-karamany tamin'izany, efa ho an-tapitrisany Ariary vitsivitsy isan'olona anefa izany tambin-karaman'izy ireo tsy nefain'ny fitondrana Rajoelina izany hatramin'izao.

**Stefa**


*Ny mpitarika ny Sendikan'ny Paramed eto amintsika.*

## TONONKALO

### LOZA ! LOZA !

Ity vao loza , tena loza.
Mifanaikitra ny foza.
Sanatria tsy hoe angano
Fa dia tena miady an-trano !

Tsy hay afenina intsony:
Disadisa sy lonjony,
Indrindra indrindra ny ady seza
Ifanaovan`ireo ngeza !

Hatramin`ny fifofoana ny aina
No efa indro nodradraina,
Ka ny maso eran-tany
Any amin`ny foza irery ihany !

Fofom-poza no midoaka.
Tena kivy ny vahoaka !
Manamaimbo ny vilany,
Mila akifika any ho any !

…Efa antomotra ny farany,
Mombamomba ny tantarany.
Fanjakana miady an-trano ,
Ho rava ho azy fa tazano !

**DADAN`i ZINA (27-07-21)**